



NY TENY FIAINANA

"Fa Kristy no faran'ny lalàna ho fahamarinana ho an'izay rehetra mino."

Romana 10:4

LALAON'NY FRANKOFONIA 2023

Tafaverina ny delegasiona Malagasy, tsy nitsanga-menatra

Tsy nitsanga-menatra, tafaverina an-tandirazana tamin'ny talata 08 Aogositra 2023 ny delegasiona Malagasy, izay nitondra avo ny voninah-i-pirenenana nandritra ny lalaon'ny frankofonia natao tany Kinshasa, République Démocratique du Congo. Tsiahivina fa laharana faha-13 no misy an'i Madagasikara ary na-hazo medaly miisa 09 (Volamena 03, Volafotsy 04 ary Alimo 02) azo tamin'ny taranja judo, basi-kety, tolona, tenisy am-bony latabatra ary athle-tisma tamin'ny fifaninanana iny. Tonga nitarika ny fitsenana azy ireo ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy, sy ireo avy amin'ny Fedrasiona isan-karazany



Ny Ankoay U 25 noraisina tetsy Andavamamba.

ary ireo fianakaviana sy tia fanatanjahantena mabobe. Taorian'i fahatongava ny fitsenana azy ireo ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy, sy ireo avy amin'ny Fedrasiona isan-karazany

U25. Niarahaba sy nankasitraka ny Ekipam-pirenena malagasy Zazavavy ny FMBB, noho ny vokatra tsara azony nandritra an'ny Lalaon'ny Frankofonia andiany faha-9 natao tany Kinshasa RDC iny, ka nanolotra "prime" ho famporishana ireo

mpilalao tsirairay sy hoan'ireo « staff » niaraka tamin'izy ireo koa. Tetsy ankilan'y dia notoloran'ny ANKOAY Medaly volafotsy azon'izy ireo ho fahatsiarovana ny filohan'ny FMBB.

Rainilita

Championnat National de Football D2 Phase 1

Fantatra avokoa ireo ekipa mitarika isam-bondrona

Tairianan'ny fahatontsan'ny andro faha-2 tamin'ny alahady 6 aogo-

sitra 2023 teo dia fantatra avokoa ankehitriny ireo ekipa mitarika vonjimaika

isam-bondrona, eo amin'ny fifaninanana baolina kitra « Championnat Na-

tional de Football D2 Phase 1, 2023 », ka any Ambanja dia mitarika vonjimaika ny ekipan'ny Fc Zoya Boeny manana isa 6 (+6), any amin'ny « Site Ambatondrazaka » dia mitarika vonjimaika ny 3Fb Alaotra Mangoro manana isa 4 (+1), any amin'ny « Site Tolira » dia mitarika vonjimaika ny Gfjt Betania Atsimo Andrefana manana isa 6 (+6) ary any « Site Tsiroanomandidy » dia ny Fc Inate Vakinankaratra no mitarika an'isa vonjimaika manana isa 6 (+3). Marihana fa omaly alarobia 9 agositra no andro faha-3 amin'ity fifaninanana ity tany amin'ireo "Site" ireo.

Rainilita



Ekipa mandray anjara amin'ny D 2 National.

Delegasiona Skotisma Madagasikara

Matrika ny 25e Jamboree any Corée Atsimo



Tanora skoto Malagasy any Corée Atsimo.

Matrika ny hetsika maneran-tany Jamboree andiany faha-25 izay karakarain'ny fikambanana skoto koreana, ka tontosaina any Saemangeum Corée Atsimo ankehitriny, izay nanomboka tamin'ny 01 ka hifarana amin'ny 12 aogositra 2023 ho avy izao, ny tanora skoto Malagasy. Efa tongasoa any Atsimo ireo tanora Skoto Malagasy ireo niatrika avy hatrany an'izany hetsika izany. Nanokatra an'ity hetsika ity tamin'ny fomba ofisialy ny Filoham-

pirenenana Koreanina, Andriamatoa Yoon Suk Yeol, ary narahanana fifanakalozan-kevitra niaraka tamin'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana Andriamatoa Ban Ki Moon izany. Marihana fa nialohan'ny nialan'ny delegasiona teto an-tandirazana dia nangatasodrano tamin'ny Ministry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy teny Andohanalakely izy ireo.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy tongolo ritra indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahaso

Fitandremam-pahasalamana amin'ny tongotra mivonto

Fitandremam-pahasalamana amin'ny tongotra mivonto indray, no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany. TONGOTRA MIVONTO ohatran'ny misy rano. RAHA amin'ny HAVIA dia OLAN'NY FO, misy tsy milamina ny fo. RAHA amin'ny HAVANANA dia OLAN'NY ATY, misy tsy milamina ny aty RAHA IZY 2 dia MISY SIGNE DIABETE, na MISY OLANA NY VOA. Mila mitandrina tsara amin'ny sakafo sira sy siramamy. Mifadia koa hanina mandritra ny ora voafetra.



NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Vohitranivona distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Vohitranivona distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Vohitranivona ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny fary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny voma-maga. Ny voankazo : akondro, letchi, letchi-tsinoa, soanambo, ampalibe.

